

Jésus Vivant en Marie

NO 14 JUIN 2019



Bulletin Mensuel de Formation et d'Information

Association Marie, Reine des Coeurs



MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tel (+39) 06-30.50.203
Fax (+39) 06 30.11.908

Viale dei Montfortani, 65, 00135
Rome – ITALIE

[http://www.montfortian.info/amqah/
rcordium@gmail.com](http://www.montfortian.info/amqah/rcordium@gmail.com)

Table des matières

Fanazavana Ara-baiboly - Joany 14,15-26 _____	1
Fianam-panahy Montfortana - Ny fanokanan-tena dia "làlana kely" _____	3
Fifampizarana – Ny <i>Institut des Militantes de la Saint Vierge</i> (MSV) à Saint Laurent-sur-Sèvre _____	5
Partage – MIAHY AHY IZY _____	9
Nouvelles - PASSOS, Brésil _____	12
Nouvelles - KIBEHO, Rwanda _____	14
Nouvelles - LOUVAIN, Belgique _____	16
Nouvelles - SAINT LAURENT-SUR-SÈVRE, Frantsa_	18
MAHALALA AN'i MARIE-LOUISE DE JESUS _____	19
Poésie – SAVOIR. _____	21



**Raha tia ahy ianareo,
hitandrina ny didiko****dia****Joany 14, 15-26**

Tsindrina manokana amin'io andalan-tsoratr'i Md Joany io, ny matoateny hoe: mitia. Io lahatsoratra, izay hohentantsika amin'ny andron'ny Pantekoty io dia anisan'ny lahateny fanaovam-beloma nataon'i Jesoa ao amin'ny Evanjelin' i Md Joany.

Ambaran'i Jesoa an'ireo apôstôliny ny handehanany saingy mampanantena kosa anefa Izy fa tsy havelany ho kamboty izy ireo. Fahatongavana hafa, izay tsy ho voafetran'ny toerana sy ny fotoana no hanarakaraka ny fahatongavana hita maso sy ara-nofo. Io fahatongavana vaovao io, izay fiavian'ny Fanahy Masina, dia Fanomezana izay natolotr' i Kristy tamim-pitiavana: satria Izy no hitalaho amin'Izy Ray handefa Azy; dia ilay tsy hita no hotonga eo.

Ambaran'i Jesoa an'ireo apôstôliny ny handehanany saingy mampanantena kosa anefa Izy fa



Io Fanahy Masina io, omen'i Joany anarana hoe "Mpanafaka alahelo": izany hoe ilay hitoetra lalandava eo anilantsika mba hanohana, hanavotra, hanoro hevitra antsika; "Fanahy fahamarinana": hampatsiahy antsika ny zavatra rehetra sy hanazava ny saintsika amin'ireo Tenin'i Jesoa.

Noho ny amin'ny filàna ny "mitia" no itaoman'io andalan-tsoratra io antsika, satria ny Fitiavana no marikin'ny fiombonana ao anatin'ny fivondroanam-be kristianina. Ny fitiavana sy ny Didy intelo dia tsy afa-misaraka; mety hanaitra antsika izany, nefa tsy afaka miditra ao amin'ny misterin'ny Paka isika raha tsy ao amin'ny Fitiavana; izany hoe ao anatin'ny fifandraisam-pinoana lalina amin' i Jesoa Kristy. Izany indrindra no antony itenenan' i Jesoa amintsika fa sarotra amin'izao tontolo

izao no handray Azy; satria, arakan' i Md Joany, izao tontolo izao dia maneho ireo tsy mandray an'Andriamanitra ka manidy fo amin'ny Fitiavany. Mila fifandraisana ao anatin'ny fahatokisana ny Finoana: raha mitia aho dia matoky, ekeko ny làlana nosoritana mba hahasambatra ahy (Ireo Didy).



Ny tena fanirian' Andriamanitra dia ny mba honina eo amintsika, hanorina ny fonenany ao amintsika; raha Andriamanitra mahatoky, ny olona kosa miovaova; tsy hisy io toetra mahatoky io raha tsy amin'ny alalan'ny fanomezan'ny Fanahy Masina avy amin' Andriamanitra, ilay Fitiavana tonga olombelona. Eo ampandraisana io Fanahy Masina io ao amintsika, dia tonga itoeran'ny Fitiavan' Andriamanitra ny fahafaham-pitiavantsika.


Amin'izao vanim-potoanan'ny Paka izao ary dia raiso ny Fanahy Masina ary meteza isika hovaina mba ho tonga vavolombelon' i Kristy, velona amin'izao tontolo ankehitriny izao.

Pierette MAIGNÉ
Mpikambana ao amin'ny vaomiera ho an'ireo lahika "associés"

« Noho ny amin'ny filàna ny "mitia" no itaoman'io andalan-tsoratra io antsika, satria ny Fitiavana no marikin'ny fiombonana ao anatin'ny fivondroanam-be kristianina. »

Ny fanokanan-tena dia “lâlana kely”

Raha mbola manan-kery “ny fanokantena amin’i Jesoa amin’ny alalan’ i Maria arakan’ i Montfort”, dia marina izany, satria manambara soatoavina sarobidy mandray anjara amin’ny fiainan’ny Eglizy sy izao tontolo izao ankehitriny izy.



Ny fanokanantena izay antsoina koa hoe “lalam-pahadiovan’ i Maria” (VD 158), dia “lâlana kely” ao anatin’ny lâlana-pahamasinantsika. Ireo olona rehetra izay manaraka an’izany dia “kely”, izany hoe olona manetry tena toa an’i Jesoa manetry tena (VD 143). Hoy i Jesoa mandidy: “ento ny jiogako dia ho tonga mpianatro, satria tsotra sy malemy fanahy aho ary manetry tena ao am-po, dia hahita fiadanam-panahy ianareo” (Mt 11,29). Satria nosafidian’i Jesoa hihaonany amintsika io lâlana io, ka tsy maintsy ampiasaintsika ihany koa hizorana any Aminy: “ny mpianatra tsy ho ambony noho ny mpampianatra azy, ary ny mpanompo tsy ho ambony noho ny tompony” (Mt10,24). Araka izany, ho an’i Montfort, ny fampiasana ny fanelanelanan’ i Maria hankanesana any amin’ i Jesoa dia “fampiharana ny tena fanetren-tena” (VD 143).

Ny olona rehetra mampiasa io “lâlana-pahadiovan’i Maria” io dia ho tonga feno fiankinam-panahy sy fitiavana amin’i Maria, toa zaza, ao anatin’ny herin’ny Fanahy Masina, ka manahaka an’i Jesoa (VD 139-143): “ô! ô! Omem-boninahitra ambony indrindra Andriamanitra, eo anatrehan’i Maria, toy ny nataon’i Jesoa! (VD 139). Io lâlana io dia “Mahafinaritra, izany hoe feno fahatokisana tanteraka an’ilay Maria Virijiny toy ny zaza eo anilan-dreniny. Asehony fa ny Fanahy dia mila vonjy aminy ao anatin’ny filan’ny

vatany sy fanahiny rehetra, amim-pahatsorana sy fahatokisana ary amin-kalemem-po” (VD 107).

Mandray endrika mbola azo tsapain-tanana hatrany i Montfort raha mamariparitra ny fanetretenan'ireo olona mivelona ny fanokanantena, amin'ny endri-teny “vodin-tongotra” (VD 54). Fa inona ny “vodin-tongotra”? Amin'ny tapany ambany, eo amin'ny tongotra no toerana misy azy io eo amin'ny tenantsika. Aorian'ny tongotra no misy azy; izy no afara indrindra, tsy misy ankoatra azy. Endrikendrik'ireo olona miaina ny fanokantena io! Ireo “vodin-tongotra” ireo no ho mpianatr'i Jesoa Kristy, ka mampianatra ny lalan-terin' Andriamanitra ao anatin'ny marina tsy misy fangarony araka ny voalazan'ny Evanjely Masina; eo ampanarahana ny lalan'ny fahantrana, fanetren-tena, fitiava-namana sy fiendahana amin'izao tontolo izao” (VD 59). Izy ireo no ilay madinika indrindra hanambaran'Andriamanitra ny tsiambaratelon'ny Fanjakany, araka ny nangatahan' i Jesoa taminy hoe: “Misaotra anao aho, ry Ray Tompon'ny lanitra sy ny tany fa izay nafeninao tamin' ireo Hendry sy manan-tsaina, no nambaranao tamin'ireo madinika indrindra. Eny Ray ô, izany no sitrakao araka ny hatsaranao” (Lk 10,21). Nampanantena mantsy i Jesoa fa “izay manetry tena dia hasandratra ary izay manandra-tena dia haetry” (Lk 14, 11).




Arnold SUHARDI SMM

«“ô! ô! Omem-boninahitra ambony indrindra Andriamanitra, eo anatrehan'i Maria, toy ny nataon'i Jesoa!» (VD 139)

Ny “Institut des Militantes de la Saint Vierge” (MSV)

miasa hoan’ny Basilikan’i Md Louis-Marie de Montfort



fifampizarana

Daty manana ny mampiavaka azy manokana ny alatsinainy 04 septambra 2017 ao amin’ny fiainana misionera an’ireo « Militantes de la Sainte-Vierge » (MSV) sy ao amin’ny fampandehanana ny fiainan’ny Basilikan’i Md Louis-Marie de Montfort any Saint Laurent-sur-Sèvre. Tamin’io daty manan-tantara io tokoa mantsy i **Dorothee HARUSHIMANA, Clémence KABATESI ary Floride HATUNGIMANA**, telo mirahavavy efa nanokan-tena avy ao amin’ny Institut MSV, no tonga tao Saint Laurent-sur-Sèvre rehefa nahazo fanasàna avy amin’ny evekan’i Luçon, **Mgr. Alain CASTET**, mba handray anjara amin’ny fampandehanana ny fiainan’ny Basilika. Izany dia avy amin’ny fanapaha-kevitra noraisin’ny eveka momba ny fanamafisana ny anjara asan’ity Basilika ity ao amin’ny fiainan’ny Fiangonana. Izy telo mirahavavy izay olon-tsotra nanokan-tena mandrakizay ireto dia monina ao amin’ny tranon’ny mompera izay akaikin’ny Basilika ary vonona mandrakariva ny handray ireo izay mila ny fanampiany.

*Ity « Institut Séculier » ity (fikambanan'olon-tsotra nanokan-tena mandrakizay) – izay naka ho toe-piainana tsy ny fanajàna manokana an'i Masina Maria fotsiny ihany fa koa ireo endri-panajàna lehibe rehetra ao amin'ny aim-panahy monfortana – dia naorin'i **P. Achille DENIS** (1915-1992), avy amin'ny Fikambanana « Société des Missionnaires d'Afrique (Pères Blancs) » tao Burundi ny taona 1962. Indro àry ny fifampiresahana nataoko tamin'i **Dorotheé**, mpikambana ao amin'io fikambanana io.*

Arnold SUHARDI, SMM

Ahoana ny fihetseham-ponao rehefa nahalala fa nahazo fanasàna avy amin'ny evekan'i Luçon ny Fikambanana misy anao mba hiasa ao amin'ny diosezy iandreketany, fa indrindra ao amin'ny Basilikan'i Md Louis-Marie de Montfort ?

Fahasoavana lehibe tsy nampoizina ity fanasàna ity, ho ahy , ary koa ho an'ireo tompon'andraikitra ao aminay, satria ny tanànan'i Saint Laurent-sur-Sèvre no loharano nipoiran'ny aim-panahy monfortana izay manentana anay araka ny voalaza ao amin'ny Lalàm-panorenana mifehy ny Fikambanana hoe : « Ny tanjon'ny « Institut des Militantes de la Sainte Vierge », dia ny voninahitr'Andriamanitra sy ny fananganana ny Fanjakan'i Kristy amin'ny alàlan'i Maria, ao amin'ireo mpikambana sy ao amin'izao tontolo izao. Ny aim-panahy iainany dia izay nolovaina tamin'i Md Louis-Marie de Montfort » (Art.1). Lafin-javatra tsara ity natolotra anay ity mba hitomboanay ao anatin'ny toe-panahy marialy monfortana amin'ny alàlan'ireo fankalazana isan-karazany voarindra manodidina io aim-panahy io. Maro koa ny fomba ahafahanay mitsidika ireo toerana nandalovan'i Montfort nitoriany ny asany. Amin'izany, izay rehetra hitanay tao amin'ireo asatorany nefa tsy nazava tsara taminay, dia manjary zava-misy iainana ankehitriny. Ary izany dia mampitombo ny fahalalànay an'i Md Louis-Marie de Montfort. Ny miaina akaikin'ny fasana ilevenan'i Md Louis-Marie de Montfort sy ny Olontsambatra Marie-Louise de Jésus dia manjary fanairana sy fankaherezana ho anay amin'ny asa atao ho an'ny fananganana ny Fanjakan'i Kristy amin'ny alàlan'i Maria.

Inona moa izany no tena asa misionera iandreketanareo eto araka ny taratasin'ny eveka? Raha fintinina, inona no ataonareo isan'andro ato amin'ny Basilika ? Misy fitsinjarana asa ve eo aminareo telo mirahavavy ?


Tao anatin'ny taratasy fanirahana izay nomena anay tamin'ny 1.10.2017, tamin'ny alàlan'i Mompera Jean BONDU, amin'ny anaran'ny eveka, dia toy izao manaraka izao no voasoratra :

A. – Miandraikitra ny fandraisana ireo mpivahiny, ireo kristianina ao amin'ny paroasy sy ireo mpitsidika ao amin'ny Basilikan'i Md Louis-Marie de

Montfort ary ny atao amin'izany dia ny fampianarana azy ireo hizatra hiditra ao anaty ho fiomanam-po amam-panahy hivavaka, ary fitarihana azy ireo amin'ny fahafantarana sy fandalinana ny aim-panahy nolovaina tamin'i Md Louis-Marie Grignon de Monfort. Noho izany, mampahafantatra azy ireo ny momba an'i Olontsambatra Marie-Louise Trichet sy Md Joany Paoly II izay hajaina ihany koa ato amin'ity toeram-pivahinianana masina ity.

B. – Miandraikitra ao amin'ny Basilika ny fanentanana ny fankalazàna ampahibemaso ny litorjian'ny vavaka isan'andro.

C. - Manampy amin'ny asa ao amin'ny sakristie sy amin'ny fanomanana ny fitaovana ilaina amin'ny fotoam-bavaka.



P. Achille DENIS

Ary ny fahatanterahan'izany dia :

-Araka ny fandaharana misy momba ny fotoam-bavaka dia miandraikitra ny fanentanana ny vavaka maraina, vavaka hariva sy ny fanaovana saple izahay. Mandray anjara amin'ireo karazana fanentanana misy araka ny vanin'andro koa izahay : vavaka hasiviandro, alim-bavaka. Ao anatin'ny antoko mpihira, ny ekipa litorjika, amin'ireo ekipa sasany manentana ao amin'ny Basilika sy ao amin'ireo andrakitra hafa maro koa izahay.

- Manampy ny ao amin'ny sakristie izahay amin'ny fanomanana ny lamesa, ny fikarakarana ireo lamba sy akanjo ampiasaina amin'ny fanatanterahana ny litorjia.

- Miara-miasa amin'ireo tsara-sitrabo izay manadio ny Basilika sy ny toeram-pivavahana izahay, miandraikitra ny fandravahana voninkazo ny toeram-pivavahana.
- Mandray sy mihaino ireo olona mila izany izahay, mamangy ireo zoky olona any amin'ny EPHAD Montfort.
- Miandraikitra ny fanadiovana ny tokontany koa izahay ary mandray ny antso an-tariby ivelan'ny ora fiasan'ny mpiandry raharaha. Amin'ny ankapobeny, lany amin'ny asa iandreketana tokoa ny tontolo andronay. Tsy manana fitsinjaràna mazava ny asa hoan'ny tsirairay izahay fa efa misy fifandaminana ato aminay mba ho afaka manao ny asa rehetra ny tsirairay, sady afaka mifandamina amin'izay fiovàn'ny fandaharana misy mba ahafahana manatanteraka izay asa mety homena anay tampoka avy amin'ny tompon'andraikity ny Basilika na avy amin'ny hafa.

Inona avy ireo fanamby atrehanareo amin'ny fanatanterahana ny asa nampiangreketan'ny eveka anareo ?

Ny fanamby voalohany dia ny tsy fisian'ny toerana fandraisana ireo mpivahiny. Ny fanamby hafa dia misy ifandraisany amin'ny kolon-tsaina vaovao izay tsy maintsy hiainanay. Amin'ny lafiny iray, mahatsapa tsy fifankazahoana izahay ao amin'ny fomba iasànay sy ny fomba fisianay; amin'ny lafiny sasany, misy fahasarotana koa amin'ny fomba ifankazahoana amin'ny hafa. Na eo aza anefa izany rehetra izany, dia mahasambatra anay ny mitondra izay mba anjara kely vitanay amin'ny asan'ity toerana fivahinianana masina ity. Tena nahatsapa koa izahay fa tokony hitondra izany am-bavaka amin'ny alàlan'ny fanelanelanan'i Md Louis-Marie de Montfort, Md Joany Paoly II ary ny Olontsambatra Marie-Louise de Jésus. Isa-maraina, ary araka izay vita mandritra ny tontolo andro, dia manolo-tena amin'ny Reninay sy Mpanjakavavinay, Maria, izahay, mba azahoanay ny fahasoavana hitoetra sahala aminy, vonona amin'izay sitrapon'Andriamanitra. Ary izany fahasoavana izany dia tsy mba lany ato aminay. Izany no manome anay ny hafaliana sy ny hery ilaina ao amin'ny asanay. Hamaranako azy, ary raisiko ho ahy koa, ity fiderana nataon'i Md Louis-Marie de Montfort ity :

VONINAHITRA ANIE HOAN'I JESOA AO AMIN'I MARIA
 VONINAHITRA ANIE HOAN'I MARIA AO AMIN'I JESOA
 VONINAHITRA ANIE HOAN'ANDRIAMANITRA IRERY

Dorothee HARUSHIMANA, misionera ao Saint Laurent-sur Sèvre.

« ...nous sommes heureuses d'apporter notre petite contribution dans la mission de ce sanctuaire »

MIAHY AHY IZY

Teraka tamin'ny taona 1949 tao amin'ny kaominin'i Maine-et-Loire; toerana izay niasàna pretra iray amin'ny fotoana feno isaky ny tanàna kely iray na roa, mba ahafahany mahafantatra tsara ny « ondriny », ary koa mba ahafahany mandray anjara amin'ny fiainam-piaraha-monina.

Avy amin'ny fianakaviana iray misy mpiray tampo efatra mianadahy, katolika mivavaka, tsara fandre ery izany hoe mpiserivy lamesa, ka miserivy sy manatrika ireo batemy, mariazy, fandevenana sy ireo fankalazana samihafa izay, amin'ny fijerinay mbola zaza, dia tena nifono hevi-dehibe manana ny lanjany tokoa; ary rehefa mieritreritra ireny fotoana ireny aho dia mbola ny hafaliana toy ny tamin'ny lasa no hitako, fotoana izay nahatsapan'ny tsirairay fa voakasik'izany fiainam-pikambanana izany ny tenany...




Partage

Taorian'ny nianarako tany amin'ny sekolim-panjakana izay notantan'ny Masera, dia nianatra telo taona indray aho tany amin'ny kolejy katolika fanta-daza iray, Combrée, izay efa tsy misy toy ny naha-izy azy intsony,

ary tany koa dia nanana fahafahana niserivy lamesa aho sy mpikambana tao amin'ny "Scouts de France". Avy eo, ny firosoana tamin'ny tena fiainana sy ny raharaha miaramila. Ary nanomboka teo dia nisy ny fisitahana tamin'izay rehetra mahakasika ny fivavahana, fa tsy fisitahana tanteraka anefa zany; tao ireo fankalazàna samihafa ao amin'ny fianakaviana, mariazy, batemy, fahafatesana ary indraindray aza, ny faniriana hahita indray fiainana feno fiadanam-po, faniriana fitoniana ao anaty ary angamba, sy indrindra koa, fanirina ilay fiadanana mampifandray izay manjaka mandritra ireny fotoam-pivavahana ireny; fotoana izay tsy mba mahatsiaro natokana ianao fa voahotrana, sahala amin'ireny mpiray fikambanana. Nisy koa ny fandehanana tamin'ireny fivahinianana masina ireny, Lourdes, Lisieux, Le Marillais, Béhuard, miaraka amin'ilay fahatsapàna hafinaretana sy fanajàna avy ao anaty hatrany. Dia niha-nahazo vahana moa ilay fisitahana, noho ny fiatrehana ny fiainana : noho ny asa atao eny amin'ny "chantiers" sy mandeha matetika mantsy dia nanjary niha-betsaka hatrany ireo "fivoahana", hatreo amin'ny nahatongavan'ny andro iray izay tsy maintsy niatrehako olana tena goavana, ary teo dia tsy nanana vahaolana hafa afa-tsy ny nametra-tena teo ambany fiarovan'ilay Virjiny Masina indrindra, aho, dia i Maria.



Pontmain no toerana nihaingan'ilay fiverenana nitondra fahatsaràna sy famonjena. Noho ny tenako mpikambana tamin'ny vondrom-bavaka iray izay mandeha maneho fisaorana sy fanajàna an'i Masina Maria Virjiny isaky ny faha-17 ny volana, dia nisy ny fotoana nandalovako tao Saint Laurent sur Sèvre, niaraka tamin'io fikambanana io, sy nivavahana teo amin'ny fasan'i Md Louis-Marie Grignon de Montfort. Dia nandalo nifandimby ary ny taona, niaraka tamin'ny "filibàna" isan-karazany; filibàna izay narahina fampahatsiarovan-tena maro haingana koa. Fa amin'ny maha-olombelona moa, noho izany mitoky amin'ny tena, rehefa mety avokoa ny atao dia adino haingana, haingana tokoa ny anton'ireo fampahatsiarovan-tena... fa i Maria kosa, tsy mba manadino ireo rehetra tàmny lavitry ny hetraketraky ny fiainana andavanandro. Nihatra tamiko, nandritra ny fotoana niasàko, ny fahafahana tamin'ny trangan-javatra saika niteraka zava-doza ho ahy; misy ireo miteny hoe "vintana" izany, fa ho ahy, ilay teny hoe "vintana" dia tsy teny fa anarana, izay tena tsara tokoa : Maria. Eny, resy lahatra aho fa hainy ny miahy antsika rehefa misy ny loza manambana antsika, na dia eo aza ireo ditrantsika. Izany indrindra no adidin'ny Reny.



Tonga tao Saint Laurent sur Sèvre aho ny volana jolay 2016, nianatra tsikelikely ny ahafantatra ity tanàna kely mahafinaritra ity, koa raha nandeha tongotra iny aho no somary very, dia nisy freran'ny St Gabriel, Fr Jean, no hitako teny! Eny, rehefa tena dinihina, dia voalahatra tsara ity fiainana ity, sa ahoana hoy ianao! Rehefa nandroso ny fotoana dia nifandray tamin'ny fiainan'ny paroasy sy ny fiainam-piaraha-monina aho, tamin'ireo fikambanana isan-karazany, ekipan'ny litorjia, ny "Centre Spirituel de la Sagesse" sns.... Ary izany dia nifara tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ho amin'ny fanokanan-tena.

Ity fanokanan-tena ity, ho ahy, dia fitohizana rariny manamarika ny

fiverenako amin'ny finoana... miseho amiko toy ny mpanoro-làlana voajanahary hatry ny ela i Maria Virjiny, na izany aza dia tsy mba nahatsapa izany matetika aho tamin'ny lasa. Ity fankalazàna tamin'ny tontolo andron'ny 23 marsa ity, dia nahatsapàko, teo am-pihainoana ireo fifampizarana

samihafa nataon'ireo naniry hiroso tamin'ny fanokanan-tena, ny lanjan'i Masina Maria Virjiny, izay tsy tsapa amin'ny lafiny "hita maso", fa kosa tena azo tsapain-tànana tokoa amin'ny andavanandrom-piainantsika... Ary satria Maria no làlana mitondra mankany amin'ny Zanany, dia ny manaraka ny diany no atao sy ny mizotra amim-pahazotoana, araka izay ahafahantsika, am-pahatokisana, amin'io làlana miaraka amin'i Maria io.

Camille

« ... fa ho ahy, ilay teny hoe "vintana" dia tsy teny fa anarana, izay tena tsara tokoa : Maria. Eny, resy lahatra aho fa hainy ny miahy antsika rehefa misy ny loza manambana antsika, na dia eo aza ireo ditrantsika. Izany indrindra no addin'ny Reny »

NEUVAINES DE LA FÊTE DE LOUIS-MARIE DE MONTFORT



PASSOS, Brésil - Naka finivana nanao hasivinandro ny GAMO (Grupo Amigos de Montfort)- ao amin'ny paroasy Md Louis Marie de Montfort ao Passos , Brésil mialoha ny fankalazana ny fetin'i Md Louis de Montfort , ny alahady 28 Aprily 2019.

NOUVELLES



Ny hasiviandro nafanain'ny GAMO "Mirim" sampana ho an'ny adolantsento ary ny GAMO "Adulto" sampana olon-dehibe nanana tanjona mba hanentana ny fiainan'ny paroasy iray manontolo.

Nahafahana nitarika ny fantanterahana ny hasivinandro, maro ireo pretra nasaina hamelabelatra ny lohahevitra ankapobeany nandritra ny fotoana mahakasika ny "ny fahatsaran'ny olombelona teny am-piandohana manome fanantenana mba hiaina anaty fahamasinana".

Adriana ORLANDI



*Fankalazana ny fetin'i
Md Louis-Marie de Montfort tany Kibeho Rwanda*



KIBEHO, Rwanda - Sorona Masina nanetriketrika tokoa no namondrona ireo mpikambana avy ao amin'ny fikambanana Indabo za Mariya (Fleurs de Marie) sy ireo mpivahiny masina avy any amin'ireo diosezin'i Rwanda sy firenena hafa tany Kibeho (toerana nisehoan'i Maria Virjiny 1981-1989) ny 28 avrily 2019 teo.

Ireo mpikambana avy ao amin'ny fikambanana Indabo za Mariya dia manatontosa fivahinianana masina any Kibeho isaky ny alahady faran'ny volana. Ny fifandrian-javatra nahasondriana dia latsaka alahady mihintsy ny 28 avrily tamin'ity taona ity.



Manodidina ny zato teo ny isan'izy ireo, ka ny 18 tamin'ireo mpikambana vaovao (10 no tanora ary 08 no olon-dehibe), no nanao ny fanokanan-tenany voalohany amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria na ny nanavao izany araka ny fomba natoron'i Mompera de Montfort.

Nanomboka tamin'ny volana febroary 2019 ny fiomanam-panahy. Nihaona isaky ny faran'ny herinandro izy ireo mba handray ireo torolàlana. Masera iray avy ao amin'ny Fikambanan'ny Militante de la Sainte Vierge sy pretra monfortana iray ary freran'ny Fikambanana Saint Gabriel iray no nifandimby nanome izay fampianarana nilaina tamin'ny fanomanana ny fanokanan-tena.

Fr. Jean Chrysostome Rurangirwa, fsg
Mpiandraikitra ara-panahy ny fikambanana Indabo za Mariya

FANAMASINANA HO PRETRA AN' I GHISLAIN tany Belgique

LOUVAIN, Belgique - Ny alahady 05 Mey 2019 , tamin'ny 2ora sy sasany tolankandro tao Sint – Pieterskerk, Louvain , no nanamasin'i Mgr. Koen Vanhoutte, eveka mpanampy ny arsidiosezin'ny Malines-Bruxelles, ho pretra an'ny diakra Ghislain Kavendivwa KASEREKA . Tao aorinan'ny fankalazana ny Sorona Masina no nandraisan'ireo mpikambana ireo vahiny nasaina tamin'ny alalan'ny fiaraha misakafo tao amin'ny Mairie Grote Markt.



Gishlain, teraka ny 02 Janoary 1988 tao Butembo , Repoblika demokratikan'i Congo, nanao Noviciat tao Montfort-sur-Meu ary nianatra Teolojia tao Nairobi. Rehefa avy nosorana ho Diakra, nalefa namita iraka tany Belgique . Ary tonga tao ny 01 Oktobra 2018.

Amin'izao fotoana izao miezaka mampifanaraka ny fomba fiainany araka ny fikambanana belza izay manan-karena fomba aman-panao misionera monfortanina izy. Hoy indrindra izy "raha mikasika ny harena monfortanina mpamita iraka izay, ao anatin'ny fomba aman-panao belza, manana ny tantarany hatreto, ireo asa marialy tena manana ny anjara toerany hita mivaingana. Eo am-panantanterahana ny iraka ataoko eto ,ny ezaka rehetra ataoko mba hianarana zava –baovao hatrany tokony hanentana ahy hanohy hatrany. Firenena vaovao, kolotsaina vaovao, mpiara –miasa vaovao! Tena ilaina ny fahazaina miaina arak'izay faran'izay haingana. Ankehitriny, mifantoka tanteraka amin'ny fianarana ny tenin-pirenena nerlandais aho ary misy fanantenana izay fianarako tenim-pirenena izay. Amin'ny alalan'ny fanampian'i Jesoa Tompo sy ny vavaka ataon'i Maria reniny, tsy misy tsy azo atao".



Mopera Ghislain, arabaina ianao amin'izao fahasoavana lehibe avy amin'Andriamanitra izao, mahareta amin'ny fanarahan-dia an'i Jesoa Kristy araka ny soritr'ireo apostoly , miaraka amin'ny rahalahantsika izay mamita iraka hatrany : Louis –Marie de Montfort.

Arnold SUHARDI, smm

FANKALAZANA NY FETIN'NY OLON-TSAMBATRA MARIE LOUISE DE JESUS

SAINT LAURENT-SUR-SÈVRE, Frantsa - Ny 07 Mey 2019 , mankalaza ny fety ara litorjika ny Olon-tsambatra Marie – Louise de Jésus ny Fiangonana , izay mpiara mpanorina ny fikambanana Zanakavavin'ny Fahendrena .

Entina nankalazana ity andro manokana izay nahaterahany sy nanaovana batemy azy ity , mpandray anjara 24 no nivory nanatrika ny Fivoriana Iraisam-pirenena Monfortanina (Formation Internationale Monfortaine FIM) niaraka amin'ireo mpanentana, nanodidina ny fasan'i Olon-tsambatra Marie – Louise de Jésus ao amin'ny Basilique. Ity Fivoriana FIM izay handraisan'ireo mpikambana ao amin'ny Fikambanana monfortanina 03 sy ireo laika mpiara miasa aminy nanomboka ny 15 Aprily hatramin'ny 26 May 2019 ao Saint Laurent- sur –Sèvre .



Nambaran'i Pr Olivier Maire , izay naneho hevitra nandritra ny lamesa , fa tsy afa misaraka ny fisian'i Marie-Louise sy i Louis Marie . Na ny antony hoe , mifanakaiky ny nandevenana azy ireo dia marika misy heviny manokana maneho ny fiombonana ara panahy sy misionera tsy azo sarahina amin'izy ireo.

Marie Louise nasandratr'i Papa Joany Paoly faharoa ho olon-tsambatra ny 16 Mey 1993 . Ny 19 Septambra 1996 , tonga nanao fivahinihanana masina tao Saint-Laurent –sur –Sève , io Papa io , teo amin'ny fasan'i Md Louis – Marie de Montfort sy ny Olon-tsambatra Marie-Louise de Jésus .

MAHALALA AN'I MARIE-LOUISE DE JESUS

07 Mey 1684 : Nahaterahany sy nanaovana batemy azy io androtr'io tao Poitiers

Faran'ny Novambra 1701 : Nihaona tamin'i Louis –Marie de Montfort izy


Desambra 1702 : Marie –Louise niditra tao amin'ny tranon'ny mahatra (hôpital général) tao Poitiers ary nekena tao amin'ny Fikambanana " Fahendrena "

25 Mey 1707 : Lasa mpitahiry vola i Marie- Louise

22 Aogositra 1715 : voady ho relijiozy i Marie- Louise

28 Aprily 1759 : nahafatesany tao Saint Laurent- sur Sèvre teo ampanononany hoe " Tompoko sy Andriamanitra ... "

" Tompoko sy Andriamanitra. . . "



Mahay.

Mahay manokatra ny masonry
Rehefa iny alina iny,
Manirery an-dalana
Tonga tsy nahy ny hakiviana

Mahay manokatra ny fony
Rehefa eny rehetra eny ny hirifiry
Ireo ranomaso mijohy amin'ny endriny
Tsy ho lasa voninkazo faniry.

Mahay manokatra ny sandriny,
Na eo ny hafanana na hatsiaka
Ka lasa ambavahoana tsy fidiny ,
Mampanako ny vato fandry mangatsiaka.

Mahay manokatra ny sainy,
Rehefa tsy miraika ny hatsiaka
No lasa tsy amin'ahiahy
Manoloana ny vona

Mahalala mizara hasambarana
Na eo aza ny fanaitainana,
Mba hanome endrika indray ireo fo
Tahaka ny hakanton'ny fehim-boninkazo.

Elli-Mac.

Poésie

Adresse

MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Viale dei Monfortani, 65, 00135
Rome – ITALIE

Tel (+39) 06-30.50.203

Fax (+39) 06 30.11.908

<http://www.montfortian.info/amqah/>